

# Maneho ny fiarahabana avy aty INDONÉSIE!

*Fantaro ireo zanaky ny Ray any An-danitra manerana izao tontolo izao.*



I Indonésie dia firenena iray ao atsimo atsinanan'i Asie. Izany dia ahitana nosy mihoatra ny 17.000 isa! Olona eo ho eo amin'ny 280 tapitrisa no mipetraka any.




## FIANGONANA MIHAMITOMBO

Ny Filoha Russell M. Nelson dia nitsidika ireo mpikambana tao Jakarta izay renivohitr'izany tamin'ny 2019. Ary nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany tamin'ny aprily 2023, dia nanambara izy fa hisy tempoly aorina any.

## TOERAM-PITSAOHANA



I Indonésie no manana mosquée lehibe indrindra any atsimo atsinanan'i Asie. Manana tempoly Bodisita lehibe indrindra manerana an'izao tontolo izao izy.



## VÔLKANO MILOKO MANGA

I Indonésie no manana vôlkano velona maro kokoa noho ny firenena hafa. Ilay vôlkano Kawah Ijen dia mamoaka lelafo manga izay hita rehefa amin'ny alina.

## MOA VE IANAO MITENY NY FITENIKO?




Ny teny indôneziana no fiteny ôfisialy. Saingy misy mihoatra ny 700 isa ny fiteny ampiasaina any Indonésie! Ny teny filamatry ny firenen'izy ireo dia hoe "Maro, kanefa iray ihany" mba hampisehoana fa miray hina izy ireo.

## TOERANA AHITANA DRAGONA

Ny dragona Komodo no androngo faran'izay lehibe indindra eto amin'izao tontolo izao. Afaka mitombo hatrany amin'ny telo metatra any ny halavany!



SARY NATAON'I CONNER GILLETTE

ASA ATAO

## HOSODOKO AMIN'NY ENDRIKA BATIKA

Ny batika dia karazana zavakanto izay hanaovana sary hosodoko eo amina lamba. Afaka manao zavatra toy izany koa ianao!

Manaova sarin-javatra iray eo amin'ny taratasy iray amin'ny alalan'ny lakaoly mety mitsonika. Rehefa maina izany dia lokoy amin'ny alalan'ny loko rano ny faritra ao anatin'ireo tsipitsipiky ny lakaoly.



## NASI UDUK

NAHANDRO

1. Manasà **vary fotsy 400 grama**. Lomy ao anaty rano mandritra ny adiny iray ny vary ary tsihifo avy eo.
2. Mandraraha **crème vita amin'ny voanio 488 mililitatra** ao anaty vilany iray hafa. Avy eo dia asio **jirofo vatany iray manontolo miisa 2, tahona kanelina anankiray,** ary **sira 7 grama**. Afangaroy ary ataovy mangotraka izany.
3. Araraho ao anatin'ilay saosy ny vary. Sarony izany ary masaho amin'ny afo malefaka mandritra ny 15–20 minitra mandra-pamasaky ny vary.
4. Esory eo amin'ny afo izany ary avelao hisarona foana mandritra ny 10 minitra. Arosoy miaraka amina atody masaka, na tongolo nendasina, na haingon-tsakafo hafa izany.

**Ataovy izay hahazoana fanampiana avy amina olon-dehibe iray!**



## TORIMASO TSARA

TOROHEVITRA MAHASOA

Mila matory isika mba hananana hery hihazakazahana , sy hilalaovana ary hiasana. Miezaha matory amin'ny ora mitovy isan'andro. Manaova zavatra izay manampy anao hahazo aina alohan'ny hatorianao.